



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

**NY FANORENANA INDRAY NY TEMPOLY -
LA RECONSTRUCTION DU TEMPLE**

Sabotsy 23 janoary 2021
Samedi 23 janvier 2021

**MIAIKY NY FAHADISOANY NY VAHOAKA (Ezra 10)
- LE PEUPLE RECONNAIT SES PECHES (Esdras 10)**

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu :

« Koa mitsora amin' Ny TOMPO, Andriamanitry ny razanareo, ka ataovy ny sitrapony »
(Ezra 10, 11a) - « Confessez maintenant votre faute à l'Eternel, le Dieu de vos ancêtres,
et faites ce qui lui plaît » (Esdras 10, 11a).

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Teny fampidirana – Introduction

Hira (Chant) 409 (feony zafindraony), 1-2 : Ry zaza mpiodina, mba miverena :

1. "Ry zaza mpiodina, mba miverena" : antsoin'ny Ray
Isika hamaly am-po tsy terena : "Indreto izahay
Miaiky fa ratsy, maratran'ny rafy : sitrano izahay,
Sitrano izahay fa simba ny toetranay".
2. Indrisy, nanota ka mendrika ho faty sy very izahay,
Ny razanay dia nanompo ny maty ka narahinay,
Ry Ray ô, jereo ka dia vonjeo, mba ho zanakao
Mba ho zanakao izahay mitanondrika izao".

FIZARANA 1 – PARTIE 1

Teksta 1 – Texte 1 : Ezra (Esdras) 10, 1-6 :

1 Ary raha mbola nivavaka sy nitsotra Ezra sady nitomany sy niankohoka teo anoloan' ny Tranon' Andriamanitra, dia nivory teo aminy ny olona maro be avy tamin' ny Isiraely, na lehilahy, na vehivavy mbamin' ny ankizy madinika, fa nitomany mafy dia mafy koa ny olona.

1 Pendant qu'Esdras faisait cette prière et cette confession, en pleurs, prosterné devant la Maison de Dieu, une assemblée très nombreuse d'Israélites, hommes, femmes et enfants, s'était formée à ses côtés. En effet, le peuple pleurait abondamment.

2 Dia namaly i Sekania, zanak' i Jehiela, isan' ny taranak' i Elama, ka nanao tamin' i Ezra hoe : « izahay efa nanao izay mahadiso amin' Andriamanitsika, fa efa naka vehivavy hafa firenena avy tamin' ny tompon-tany ho vadinay. Nefa mbola misy fanantenana ihany ho an' ny Isiraely ny amin' izany zavatra izany. 3 Koa aoka izahay hanao fanaikena amin' Andriamanitsika hisaotra ny vady rehetra sy hanary izay naterany araka ny anatra nataonao, tompokolahy, sy izay mangovitra noho ny Didin' Andriamanitsika, ary aoka hatao araka ny Lalàna izany. 4 Mitsangàna fa adidinao izany, ary indreto koa izahay eto aminao, dia matokia tsara ka ataovy izany ».

2 Alors Shecania, fils de Jehiel, qui était un descendant d'Elam, prit la parole. Il dit à Esdras : « Nous avons commis un acte d'infidélité envers notre Dieu, nous avons installé chez nous des femmes étrangères, issues des peuples qui habitent le pays. Pourtant, en dépit de cela, il y a un espoir pour Israël. 3 Concluons maintenant une alliance avec notre Dieu en renvoyant toutes ces femmes et leurs enfants, suivant l'avis formulé par toi, seigneur, et par ceux qui tremblent devant les commandements de notre Dieu, et que l'on se conforme à la loi ! 4 Lève-toi, car cette affaire est de ton ressort. Quant à nous, nous sommes avec toi. Fortifie-toi et agis » !

5 Dia nitsangana i Ezra ka nampianiana ny lohan' ny mpisorona sy ny Levita ary ny Isiraely rehetra hanao araka izany teny izany, dia nianiana ireo. 6 Dia nitsangana niala teo anoloan' ny Tranon' Andriamanitra i Ezra ka nankany amin' ny efi-trano nitoeran' i Johanana, zanak' i Eliasiba. Ary nony tafiditra tao izy, dia tsy mba nihinan-kanina na nisotro rano, fa nalahelo izy noho ny fahadisoan' ny olona izay efa niverina avy tamin' ny fahababoana.

5 Esdras se leva. Il fit jurer aux chefs des prêtres et des Lévites et à tout Israël qu'ils feraient ce qui venait d'être dit, et ils s'y engagèrent par serment. 6 Puis Esdras quitta le devant de la maison de Dieu et se rendit dans la chambre de Jochanan, fils d'Eliashib. Il resta là sans manger ni boire, parce qu'il était en deuil à cause de l'infidélité des exilés.

Fanamarihana 1 – Remarques 1

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny mana-manjo - pour les endeuillés
- ho an'ireo izay ao anatin'ny adin-tsaina – pour ceux qui sont tourmentés par des problèmes

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 418, 1-2 : Amorongy fo madio :

1. Amorongy fo madio aho ry Jehovah ô,
Ka havaozinao anio ny fanahiko izao.
Be ny ratsy vitako, ka ny heloko sasao :
Mamindrà fo amiko, ry Jehovah Tompo ô !
2. Amorongy fo madio aho ry Jehovah ô,
Ka diovy ankehitrilo ny fiainako izao.
Simba ny fanahiko, ka amboary ho vaovao :
Aza esorina amiko ny Fanahy Masinao.

FIZARANA 2 – PARTIE 2

Teksta 2 – Texte 2 : Ezra (Esdras) 10, 7-17 :

7 Dia nandefa teny eran' i Joda sy Jerosalema ireo ho any amin' ny olona rehetra izay efa niverina avy tamin' ny fahababoana mba hivory any Jerosalema. 8 Ary na iza na iza no tsy tonga amin' ny hateloana araka ny tenin' ny mpanapaka sy ny loholona, dia horobaina ny fananany rehetra, ary hesorina amin' ny fiangonan' ny olona izay efa niverina avy tamin' ny fahababoana izy.

7 On fit passer dans Juda et à Jérusalem un message à l'intention de tous les Juifs issus de l'exil: ils devaient se réunir à Jérusalem; 8 tout homme qui ne s'y serait pas rendu dans un délai de trois jours se verrait, conformément à l'avis des chefs et des anciens, confisquer tous ses biens et serait lui-même exclu de l'assemblée des exilés.

9 Ary nony tamin' ny andro fahatelo dia vory tany Jerosalema ny lehilahy rehetra tamin' ny Joda sy ny Benjamina, dia tamin' ny andro faharoa-polo tamin' ny volana fahasivy, ary nipetraka teo an-kalalahana akaikin' ny Tranon' Andriamanitra ny olona rehetra ka nangovitra noho izany zavatra izany sy noho ny ranonorana be. 10 Dia nitsangana i Ezra mpisorona ka nanao taminy hoe : « ianareo efa nanao izay mahadiso, satria naka vehivavy hafa firenena ho vadinareo ka nampitombo ny fahadisoan' ny Isiraely. 11 Koa mitsora amin' Ny TOMPO, Andriamanitry ny razanareo, ka ataovy ny sitrapony, ary misaraha amin' ny olona tompon-tany sy ny vehivavy hafa firenena ».

9 Tous les hommes de Juda et de Benjamin se rassemblèrent donc à Jérusalem dans les trois jours. C'était le vingtième jour du neuvième mois. Tout le peuple s'installa sur la place de la maison de Dieu, tremblant à la fois à cause de la situation et en raison de la pluie. 10 Le prêtre Esdras se leva et leur dit : « Vous avez commis un acte d'infidélité, vous avez installé chez vous des femmes étrangères, augmentant ainsi la culpabilité d'Israël. 11 Confessez maintenant votre faute à l'Eternel, le Dieu de vos ancêtres, et faites ce qui lui plaît ! Séparez-vous des populations du pays et des femmes étrangères » !

12 Dia namaly ny fiangonana rehetra ka niredona mafy hoe : « izay lazainao dia tsy maintsy hataonay. 13 Nefa maro ny olona ary fahavaratra ny andro, ka tsy mahatoetra etỳ ala-trano izahay, sady raharaha tsy vita indray andro na indroa andro aza izao, fa

maro izahay no efa nanota tamin' izany zavatra izany. 14 Koa aoka ny mpanapaka anay no hitoetra eto ho solon' ny fiangonana rehetra, ary ny olona rehetra any amin' ny tanànantsika avy izay efa naka vehivavy hafa firenena ho vadiny no aoka hankatỳ amin' izay fotoan' andro hatao, ary hiaraka aminy koa ny loholony isan-tanàna sy ny mpitsara ao, mandra-pahavitan' izany raharaha izany sy ny hialan' ny firehetan' ny fahatezeran' Andriamanitsika amintsika ».

12 Toute l'assemblée répondit à voix haute: «Nous nous considérons comme tenus de faire ce que tu as dit, 13 mais le peuple est nombreux, le temps est à la pluie et nous n'avons pas la force de rester dehors. D'ailleurs, ce n'est pas quelque chose qui peut se faire en un jour ou deux seulement, car il y en a beaucoup parmi nous qui se sont rendus coupables de cet acte de révolte. 14 Que nos chefs restent donc à la place de toute l'assemblée; tous ceux qui, dans chacune de nos villes, ont installé chez eux des femmes étrangères viendront à des moments fixés, accompagnés des anciens et des juges de leur ville, jusqu'à ce que l'ardente colère provoquée chez notre Dieu par cette affaire se soit détournée de nous ».

15 I Jonatana, zanak' i Asahela, sy i Jahaza, zanak' i Tikva, ihany no nanohitra izany, ary i Mesolama sy i Sabetahy Levita niandany taminy koa. 16 Fa ny olona izay efa niverina avy tamin' ny fahababoana kosa dia nanaraka izany, ary voatokana i Ezra mpisorona sy ny sasany amin' ny lohan' ny fianakaviana, araka ny fianakaviany avy, sady samy efa notononina anarana, dia nipetraka handinika izany raharaha izany tamin' ny andro voalohany tamin' ny volana fahafolo.

15 Jonathan, fils d'Asaël, et Jachzia, fils de Thikva, furent les seuls à s'opposer à cette proposition, avec l'appui de Meshullam et du Lévite Shabthai. 16 Quant aux Juifs issus de l'exil, ils s'y conformèrent. On choisit le prêtre Esdras et des chefs de famille en les désignant tous nommément, et ils siégèrent le premier jour du dixième mois pour s'occuper de l'affaire.

17 Ary nony tonga ny andro voalohany tamin' ny volana voalohany dia vitany ny raharaha ny amin' ny lehilahy rehetra izay efa naka vehivavy hafa firenena ho vadiny.

17 Le premier jour du premier mois, ils avaient fini de traiter le cas de tous les hommes qui avaient installé chez eux des femmes étrangères.

Fanamarihana 2 – Remarques 2

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny ankohonantsika - *pour nos familles*
- ho an'ny Fiangonana – *pour l'Eglise*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 418, 3-4 : Amorongy fo madio :

3. Amorongy fo madio aho, ry Jehovah ô,
Ka ny foko ahitsio, hamasino ho Anao.

Taminao dia taminao no mba nanotàko, Ray :

Ka ny heloko avelao, ny fanahiko ovay.

4. Amorony fo madio aho, ry Jehovah ô,

Ka ny fo omeko anio, raiso ho fanananao.

Fo mangorakoraka noho ny ratsy izay natao :

Fo miaiky heloka, ka mba raiso, Tompo ô !

FIZARANA 3 – PARTIE 3

Teksta 3 – Texte 3 : Ezra (Esdras) 10, 18-44 :

18 Ary ny hita teo amin' ny taranaky ny mpisorona izay efa naka vehivavy hafa firenena ho vadiny dia izao : ny teo amin' ny taranak' i Jesoa, zanak' i Jozadaka, sy ny rahalahiny dia i Mahaseia sy i Eliezera sy i Jariba ary i Gedalia; 19 dia nanolo-tànana nanaiky hisaotra ny vadiny izy ireo sy handoa ondri-lahy iray avy ho fanati-panonerany. 20 Ary ny avy tamin' ny taranak' Imera dia i Hanany sy i Zebedia, 21 ary ny avy tamin' ny taranak' i Harima dia i Mahaseia sy i Elia sy i Semaia sy i Jehiela ary i Ozia, 22 ary ny avy tamin' ny taranak' i Pasora dia i Elioenay sy i Mahaseia sy Isimaela sy i Netanela sy i Jozabada ary i Elasa. 23 Ary ny avy tamin' ny Levita dia i Jozabada sy i Simey sy i Kelaia (Kelita izany) sy i Petahia sy i Joda ary i Eliezera : 24 ary ny avy tamin' ny mpihira dia i Eliasiba, ary ny avy tamin' ny mpiandry varavarana dia i Saloma sy i Talema ary i Ory. 25 Ary ny avy tamin' ny Isiraely koa : ny avy tamin' ny taranak' i Parosy dia Ramia sy i Jizia sy i Malkia sy i Miamina sy i Eleazara sy i Malkia ary i Benaia, 26 ary ny avy tamin' ny taranak' i Elema dia i Matania sy i Zakaria sy i Jehiela sy i Abdia sy i Jeremota ary i Elia, 27 ary ny avy tamin' ny taranak' i Zato dia i Elioenay sy i Eliasiba sy i Matania sy i Jeremota sy i Zabada ary i Aziza, 28 ary ny avy tamin' ny taranak' i Bebay dia i Johanana sy i Hanania sy i Zabay sy i Atlay, 29 ary ny avy tamin' ny taranak' i Bany dia i Mesolama sy i Maloka sy i Adaia sy i Jasoba sy i Seala ary Ramota, 30 ary ny avy tamin' ny taranak' i Pahata-moaba dia i Adna i Kelala sy i Benaia sy i Mahaseia sy i Matania sy i Bezalila sy i Binoy ary i Manase, 31 ary ny avy tamin' ny taranak' i Harima dia i Eliezera sy i Jisia sy i Malkia sy i Semaia sy i Simeona 32 sy i Benamina sy i Maloka ary i Semaria, 33 ny avy tamin' ny taranak' i Hasoma dia i Matenay sy i Matata sy i Zabada sy i Elifeleta sy i Jeremay sy i Manase ary i Simey, 34 ny avy tamin' ny taranak' i Bany dia i Maday sy i Amrama sy i Oela 35 sy i Benaia sy i Bedeia sy i Keloho 36 sy i Vania sy i Meremota sy i Eliasiba 37 sy i Matania sy i Matenay sy i Jasao 38 sy i Bany sy i Binoy sy i Simey 39 sy i Selemia sy i Natana sy i Adaia 40 sy i Maknadebay sy i Sasay sy i Saray 41 sy i Azarela sy i Selemia sy i Semaria 42 sy i Saloma sy i Amaria ary i Josefa, 43 ny avy tamin' ny taranak' i Nebo dia i Jeiela sy i Matitia sy i Zabada sy i Zebina sy i Jadao sy i Joela ary i Benaia.

18 Dans les familles des prêtres, on en trouva plusieurs qui avaient installé chez eux des femmes étrangères. Parmi les descendants de Josué, fils de Jotsadak, et ses frères, il y avait Maaséja, Eliézer, Jarib et Guedalia. 19 Ils s'engagèrent à renvoyer leurs femmes et à offrir un bélier en sacrifice de culpabilité. 20 Parmi les descendants d'Immer, il y avait Hanani et Zebadia; 21 parmi les descendants de Harim, Maaséja, Elie, Shemaeja, Jehiel et Ozias; 22 parmi les descendants de Pashhur, Eljoénaï, Maaséja, Ismaël, Nathanaël,

Jozabad et Eleasa. 23 Parmi les Lévites, il y avait Jozabad, Shimeï, Kélaja - c'est-à-dire Kelitha - Pethachja, Juda et Eliézer; 24 parmi les musiciens: Eliashib; parmi les portiers: Shallum, Thélem et Uri. 25 Dans le peuple d'Israël, il y avait, parmi les descendants de Pareosh, Ramia, Jizzija, Malkija, Mijamin, Eléazar, Malkija et Benaja; 26 parmi les descendants d'Elam, Matthania, Zacharie, Jehiel, Abdi, Jerémoth et Elie; 27 parmi les descendants de Zatthu, Eljoénaï, Eliashib, Matthania, Jerémoth, Zabad et Aziza; 28 parmi les descendants de Bébai, Jochanan, Hanania, Zabbai et Athlai; 29 parmi les descendants de Bani, Meshullam, Malluc, Adaja, Jashub, Sheal et Ramoth; 30 parmi les descendants de Pachath-Moab, Adna, Kelal, Benaja, Maaséja, Matthania, Betsaleel, Binnui et Manassé; 31 parmi les descendants de Harim, Eliézer, Jishija, Malkija, Shemaeja, Siméon, 32 Benjamin, Malluc et Shemaria; 33 parmi les descendants de Hashum, Matthnai, Matthattha, Zabad, Eliphéleth, Jérémaï, Manassé et Shimeï; 34 parmi les descendants de Bani, Maadaï, Amram, Uel, 35 Benaja, Bédia, Keluhu, 36 Vania, Merémoth, Eliashib, 37 Matthania, Matthnai, Jaasaï, 38 Bani, Binnui, Shimeï, 39 Shélémia, Nathan, Adaja, 40 Macnadbai, Shashaï, Sharaï, 41 Azareel, Shélémia, Shemaria, 42 Shallum, Amaria et Joseph; 43 parmi les descendants de Nebo, Jeïel, Matthithia, Zabad, Zebina, Jaddai, Joël et Benaja.

44 Ireny rehetra ireny no samy efa naka vehivavy hafa firenena ho vadiny avokoa, sady efa niteraka ny vehivavy sasany tamin' ireny.

44 Tous ces hommes avaient pris des femmes étrangères, et certains avaient eu des enfants d'elles.

Fanamarihana 3 – Remarques 3

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny mpitondra antsika - *pour nos dirigeants*
- ho an'ny mpitandrina – *pour les pasteurs*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 407, 1 sy (et) 3 : Ô ry Raiko, izay malala :

1. Ô, ry Raiko, izay malala, tonga aho zanakao,
Izay nania fa adala, ka mifona aminao.
Mamelà ny fahotako teo anatrehanao,
Ary ny fahadalako : aza mba tsarovanao !
3. Enga aho, izay mahantra, mba ho isan'ny Anao.
Ianao no Ray Mpiantra : miantrà ny zanakao.
Ary noho ny Mpamony, izay nanavotra ahy re,
Raiso aho ho tra-bonjy : ho Anao, ry Ray ! Amen !

FANDRAVONANA – CONCLUSION :

Teksta – Texte : 2 Kor. (Cor.) 6, 14-18 :

Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Evry-Fitiavana, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, La Réunion, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana

14 Aza mety hasiana zioga tsy antonona anareo hikambanana amin' ny tsy mino. Fa inona no iraisan' ny fahamarinana sy ny fahotana ? Ary inona no iombonan' ny mazava sy ny maizina ? 15 Ary inona no ifanarahan' i Kristy sy Beliala ? Ary inona no iraisan' ny anjaran' ny mino sy ny tsy mino ? 16 Ary inona no ikambanan' ny tempolin' Andriamanitra amin' ny sampy ? Fa isika no Tempolin' Andriamanitra velona, araka ny nataon' Andriamanitra hoe : « Honina eo aminy sy handeha eo aminy Aho, ary izy ho oloko ». 17 Koa mivoaha eo aminy ianareo, ka misaraha aminy, hoy Ny TOMPO, ary aza manendry izay zavatra tsy madio, ary Izaho handray anareo. 18 Ary ho Rainareo Aho, ary hianareo ho zanako-lahy sy ho zanako-vavy, hoy Ny TOMPO Tsitoha.

14 Ne formez pas un attelage disparate avec des incroyants. En effet, quelle relation y a-t-il entre la justice et le mal? Ou qu'y a-t-il de commun entre la lumière et les ténèbres? 15 Quel accord y a-t-il entre Christ et le diable? Ou quelle part le croyant a-t-il avec l'incroyant? 16 Quel rapport peut-il y avoir entre le temple de Dieu et les idoles? En effet, vous êtes le temple du Dieu vivant, comme Dieu l'a dit: J'habiterai et je marcherai au milieu d'eux; je serai leur Dieu et ils seront mon peuple. 17 C'est pourquoi, sortez du milieu d'eux et séparez-vous, dit le Seigneur; ne touchez pas à ce qui est impur et je vous accueillerai. 18 Je serai pour vous un père et vous serez pour moi des fils et des filles, dit le Seigneur tout-puissant.

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô, izay any an-danitra,
Hohamasinina anie ny Anaranao,
Ho tonga anie ny Fanjakanao,
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

*Notre Père qui es aux cieux,
Que ton Nom soit sanctifié,
Que ton Règne vienne,
Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.
Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.
Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.
Et ne nous soumets pas à la tentation mais délivre-nous du mal.
Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !*

Tso-drano - Bénédiction : Nom. 6, 24-26 :

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !
Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !
Hampampiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !
Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa Grâce !

Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !
Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la Paix !

Fanirahana - Envoi :

Mandehana amin'ny Fiadanana àry ka manompoa ny Tompontosika amin'ny Fifaliana.

Fiangonana – Assemblée :

Isaorana anie Andriamanitra - *Allez dans la Paix et servez notre Seigneur dans la Joie.*
Gloire soit rendue à Dieu.

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !